# Ilay Voa Tsara Nafafy 17 Jona 2018

**17** **Alahady**
jona

**Fa tonga ny fampakarambadin'ny Zanak'ondry, ka efa niomana ny vadiny. Ary nasaina nitafy rongony fotsy madinika sady madio no mangatsakatsaka izy.** Apokalypsy 19. 7, 8

**Lahatra avo lenta**

Fantatrao ve fa misy fampakarambady miezinezina omanina any an-danitra, amin'izao fotoana izao ? Io no ho „fampakarambadin'ny Zanak'ondry". Ary iza moa io Zanak'ondry io ? Milaza ny momba Azy ny Baiboly, manomboka amin'ny Genesisy ka hatramin'ny Apokalypsy. Ny Zanak'ondry dia Jesosy Kristy, Ilay Zanak'Andriamanitra. Rehefa nahita an'i Jesosy tonga nanatona azy i Jaona Mpanao batisa, dia nilaza mazava tsara hoe : „Indro ny Zanak'ondrin' Andriamanitra, Izay manaisotra ny fahotan'izao tontolo izao !" (Jaona 1. 29).

Ary iza moa no ho vadiny ? E, vady avy amina toerana tsy misy laza ! Fitambarana lehilahy sy vehivavy tsy lavorary, saingy voasasa tamin'ny ran'ny Zanak'ondry ny fahotany (Apokalypsy 1. 5). Nandray ny fahasoavany tamin'ny alalan'ny finoana Azy izy ireo, voadio, ary voavela heloka ho mandrakizay. Hatreo dia fifamatorana iankinan'aina no mampiray azy ireo amin'Ilay nanavotra azy, sy amin'izy samy izy. Izy rehetra ireo no mitambatra ho ilay „ampakarina, vadin'ny Zanak'ondry", ilay notiavin'i Kristy ary nanolorany ny tenany hamonjy azy.

Mahatalanjona, fa toeram-boninahitra eo anilan'Ilay Zanak'Andriamanitra no voatokana any an-danitra ho an'ireo mpanota voavela heloka ireo. Hoy Jesosy tamin'ny Rainy : „Nomeko azy ny voninahitra izay nomenao Ahy" (Jaona 17. 22).

Koa rehefa hiseho amin'ny voninahiny eo anatrehan'izao tontolo izao Jesosy, dia hanana tombontsoa tsy manam-paharoa hiaraka aminy ireo mpino ireo. Ny fitambaran'izy rehetra ireo no ho Vadiny, hampihaingoana ny voninahitr' Ilay Mpampakatra azy, dia ny Andriamanitra Zanaka.

Ry kristiana, aoka ho ao an-tsaintsika mandrakariva izany voninahitra iantsoan'Andriamanitra antsika izany (1 Tesaloniana 2. 12). Amin'izay dia hiavaka ny fijoroantsika ho vavolombelon'i Kristy.